

9. Jereo Abrahama 3:2–28.
10. Abrahama 3:27.
11. Jereo Lioka 2.
12. Jereo Lioka 2:7.
13. 3 Nefia 27:29.
14. Jereo Lioka 10:21.
15. Jereo Lioka 11:2–4.
16. Jereo 3 Nefia 17:11–24.
17. Môrmôna 6:17.
18. Jereo Lioka 4:1–13.
19. Jaona 6:67. Raha niresaka tamin'ireo zatovo ny Filoha Monson dia nilaza hoe: “Ianareo . . . dia ho antsoina mba hiaro ny zavatra inoanareo. Raha tsy miorim-paka tsara ny fijoroanareo ho vavolombelona dia ho sarotra ho anareo ny hahatohitra ny fanaraban'ireo izay manohitohina ny finoanareo” (*Liabona*, Mey 2009, 126).
20. Jereo Marka 1:40–42.
21. Jereo Lioka 18:35–43.
22. Jereo Marka 6:34–44.
23. Jereo Marka 4:35–41.
24. Jereo Jaona 11:8–53.
25. Môrôna 7:37.
26. Marka 5:36.
27. Jereo 1 Petera 2:21–25.
28. Jereo Lioka 22:47–48; 23:32–46.
29. Jereo Jaona 20:11–23.
30. Jereo 3 Nefia 11–26.
31. Jereo Joseph Smith—Tantara 1:17.
32. Jereo Fotopampianarana sy Fanekepivahanana 88:104.
33. “Raconte-moi les histoires de Jésus.”
34. Môsià 3:17.
35. Indrya mandeha ny Loholona Dallin H. Oaks dia nilaza izao: “Fony ankizilahy kely dia nandany ny ankamaroan'ny fotoana isan-kariva tamin'ny famakiana boky aho. Ny iray tamin'ireo boky tena tiako dia ilay *Hurlbut's Story of the Bible . . .* boky [iray] ahitana tantara 168 avy ao amin'ny Baiboly. Tiako ireo tantara ireo ary vakiako matetika izany” (“Bible Stories and Personal Protection,” *Ensign*, Nôv. 1992, 37).
36. Stella Oaks, “Thy Will Be Done,” ao amin'ny Leon R. Hartshorn, natambatra ao amin'ny *Remarkable Stories from the Lives of Latter-day Saint Women*, boky roa (1973–75), 2:184.
37. Almà 36:17–18.
38. Eto amin'izao tontolon-tsika izao ankehitriny dia mila mihoatra noho ny taloha ny tenin'i Enôsa momba ny rainy mba ho tenin-janatsika momba antsika isika: “Ny teny izay efa reko matetika notenenin-draiko momba ny fiainana mandrakizay . . . dia tafalatsaka lalina tao am-poko. Dia mosarena ny fanahiko; ary nandohalika teo anoloan'ny Mpanao ahy aho” (Enôsa 1:3–4).
39. Nampanantena ireo zatovo ny Filoha Monson hoe: “Rehefa miorim-paka tsara ianareo dia hisy fiantraikany amin'ny zavatra rehetra hataonareo mandritra ny fiainanareo ny fijoarana ho vavolombelonareo momba ny filazantsara sy momba ny Mpamonjy ary ny momba ny Raintsika any an-danitra. . . . Hiaro anareo ny fijoarana ho vavolombelonareo rehefa kolokoloina tsy tapaka” (*Liabona*, Mey 2009, 126).
40. Helamàna 5:12.
41. Môsià 16:8.
42. Fotopampianarana sy Fanekepivahanana 21:5.
43. Jereo Almà 26:12.



Nataon'ny Filoha Thomas S. Monson

Teny Famaranana

Ny hazavana mitari-dalana avy amin'ny Tompo dia mampita hafatra mora fantarina ary tsy mamitaka na oviana na oviana.

Tena nahafinaritra ity fivoriana famaranana ity. Mahalana no nahe-noako lahateny tena tsara izay nampianarina tao anatin'ny teny fohy toy ny hitantsika androany. Eto daholo isika satria tia ny Tompo. Te hanompo azy isika. Mieritreritra antsika ny Raintsika any an-danitra. Mijoro ho vavolombelona amin'izany rehetra izany aho. Mankasitraka ny tanany aho amin'ny zavatra rehetra.

Soratra masina iray fohifohy: “Matokia an'i Jehovah amin'ny fonao rehetra, Fa aza miankina amin'ny fahalalanao
“Maneke Azy amin'ny alehanao rehetra, Fa Izy handamina ny lalanao.”¹

Izany no tantaran'ny fiainako.

Ry rahalahiko sy rahavaviko malala, tonga eo amin'ny famaranana ity fihao-nambe tena faran'izay nanome hery sy nanainga fanahy ity isika. Taorian'ny fihainoana ireo torolalana sy fijoroana ho vavolombelon'ireo izay niteny tamintsika, dia mino aho fa tena manankarem-pitahiana isika ary tena manana fahavononana kokoa hiaina ny fitsipiky ny filazantsaran'i Jesoa Kristy. Tena tsara tamintsika no tonga teto. Maneho fankasitrahana ireo olona tsirairay izay niteny tamintsika izahay, ary koa ireo nanao ny vavaka.

Tena kanto tokoa ny hira. Tsaroako ny soratra masina hita ao amin'ny





Fotopampianarana sy Fanekempihavanana, manao hoe: “Fa finaritra amin’ ny hiran’ ny fo ny fanahiko; eny, ny hiran’ ny marina dia vavaka ho Ahy ary hovaliana amin’ ny fitahiana eo ambonny lohany izany.”²

Tsarovy fa ireo hafatra izay renareo nandritra ity fihaonambe ity dia hatonta amin’ ny laharan’ ny gazetiboky *Ensign* sy *Liabona* izay hivoaka amin’ ny volana Mey. Manasa anareo aho handalina ireo hafatra ireo, hisaintsaina ny fampianarana ao amin’ izy ireo, ary hampihatra izany eo amin’ ny fiainanareo.

Fantatro ianareo fa miray fo amiko amin’ ny fankasitrahana ireo rahalahy sy rahavavy nisaorana nandritra ity fihaonambe ity. Nanompo tsara tokoa izy ireo ary nandray anjara mavotrika tamin’ ny asan’ ny Tompo. Ny fanoloran-tenan’ izy ireo dia tanteraka. Misao- tra azy ireo izahay amin’ ny fonay manontolo.

Isika koa nandritra ity fihaonambe ity dia nanohana, tamin’ ny alalan’ ny fananganana ny tanantsika, ireo rahalahy sy rahavavy nantsoina hanompo amin’ ny toerana vaovao. Tianay ho fantatr’ izy ireo fa efa tsy andrinay ny hiarahanany miasa amin’ izy ireo ao amin’ ny asan’ ny Tompo.

Ry rahalahy sy rahavavy, amin’ izao fotoana izao isika raha mijery ny tontolo manodidina antsika, dia miatrika olana goavana sady mampiahiahy antsika tokoa isika. Toa nikorisa niala tamin’ ny toerana misy fiarovana sy ny fandriampahalemana izao tontolo izao.

Ny fanekena ny zavatra ratsy, ny tsy fahadiovana ara-pitondran-tena, ny pôrnôgrafia, ny tsy fahamarinan-toetra ary ny zava-dratsy hafa dia mahatonga ny olona hijaly amin’ ny fahotana sy hanary ireo fitahiana ary handrava ny nofinofy.

Ny torohevitra amintsika rehetra dia ny hijery ny hazavana mitari-dalana avy amin’ ny Tompo. Tsy hisy zavona izay matevina loatra, alina izay maizina loatra, rivotra mahery loatra, ary tatsambo tena very mihitsy, ka tsy ho voavonjin’ izany hazavana mitarika avy amin’ ny Tompo izany. Mampahafantatra antsika mialoha ny hisorohantsika ny orambaratry ny fiainana izany. Ny hazavana mitari-dalana avy amin’ ny Tompo dia mampita hafatra mora fantarina ary tsy mamitaka na oviana na oviana.

Tiako ny teny hita ao amin’ ny Salamo hoe: “Jehovah no harambatoko sy batery fiarovana ho ahy ary Mpamonjy ahy; Andriamanitra, vatolampy ialofako; . . . Miantso an’ i Jehovah aho . . . dia vonjena ho afaka amin’ ny fahavaloko [aho].”³

Tia antsika ny Tompo, ry rahalahiko sy rahavaviko, ary hitahy antsika Izy rehefa miantso Azy isika.

Lehibe ny fankasitrahantsika ny filazantsaran’ i Jesoa Kristy naverina tamin’ ny laoniny ary ny tsara rehetra entin’ izany amin’ ny fiainantsika. Ny Tompo dia nandrotsaka tamintsika ny fitahiany eo amintsika vahoakany. Mijoro ho vavolombelona aminareo aho fa marina ity asa ity, fa velona ny Mpamonjy antsika, ary mitarika sy mitantana ny Fiangonany eto an-tany Izy.

Ankehitriny, raha tonga eto amin’ ity famaranana ny fihaonambe ity isika, dia tohina ny foko ary feno fahatsapan-javatra tsara ny ao anatiko. Maneho ny fitiavako sy ny fankasitrahako anareo aho. Misaotra noho ny vavaka ataonareo ho ahy sy ho an’ ny Manampahefana Ambonin’ ny Fiangonana. Ren’ ny Tompo ny fivavakareo ary nita- hy sy nitarika anay tamin’ ny raharahan’ ny fanjakany ety an-tany Izy. Ka izany no mahatonga anay tena feno fankasitrahana lalina.

Raha hiala eto amin’ ity fihaonambe ity ianareo, dia mangataka ny fitahian’ ny lanitra aho hirotsaka aminareo tsirairay avy. Raha hiverina any an-tokatranonareo ianareo manerana izao tontolo izao, dia mivavaka aho mba hitahian’ ny Raintsika any andanitra anareo sy ny fianakavianareo. Enga anie ny hafatra sy ny zavatra tsapa nandritra ity fihaonambe ity ho hita taratra amin’ izay rehetra ataonareo—ao an-tokatranonareo, any am-piasanareo, any amin’ ny fivorianareo, ary any amin’ ny fivezivezenareo rehetra any.

Tiako ianareo. Mivavaka ho anareo aho. Hitahy anareo anie Andriamanitra. Ny fiadanana nampanantenainy anie ho aminareo ankehitriny sy ho mandrakizay, amin’ ny anaran’ i Jesoa Kristy, amena. ■

FANAMARIHANA

1. Ohabolana 3:5–6.
2. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 25:12.
3. Salamo 18:2, 3.